# FAMPIANARAÑA MÖMBA FAMOKARAÑA RAHAMANIRY MAIKY ATAO AODY

## TEKINIKY FITSONGOAÑA, FANAPAISAÑA NDRAIKY FIKAJIAÑA RAHAMANIRY ATAO AODY



Jardins du Monde

*« Fañamiazaña lanja irö fomba fampiasaña rahamaniry fitahaña mba*

*ho fikajiaña fötotro fahasalamaña »*

# FAMPIANARAÑA MOMBA FANAPAISAÑA RAHAMANIRY ATAO AODY NDRAIKY FIKAJIAÑA IZY

**Taoño 2009, natsaraiñy fanjava Avrily 2018**

**Olo na vondron'olo voakasiky:**

*Olo voatendry tamy fikambanaña tambanivolo*

*Mpitsabo ara-drazana*

*Mpivarotro rahamaniry fatao aody*

*Mpangala rahamaniry atao aody añaty ala*

*Mpiasan'ny fahasalamaña*

*Mpianatra Oniversite*

## 1.FITSONGOAÑA AODY

Añisan'ny raha atao voalohany, fañomañana irö fitaovaña indesiñy mitsöngo rahamaniry atao aody, karaha 'ry: angady, mesobe, gony, daba, lamba,... mila fitaovaña madio voasasa tamin'ny rano madio ndraiky voaborösy tsara salakady tsy arefesiñy.

**<u>Toeraña tsy tokony hitsongoeña raha maniry atao aody:</u>**

- Amy toeraña famanian'olo ndraiky fangirian'olo
- Marikitry tany fanasaña lamba
- amy fañariaña fako
- Amörondalaña,
- Marikitry tany avy namafazaña ranon'aody fitsaboaña tsabo na likidy



Mampiheñy na mamöno hery tokony ampajanga añatin'ny aody izikoa mampiasa fitaovaña tsy madio, ndraiky mitsöngo amy toeraña maloto anao.

Misy rahamaniry marary: misy petimpentiñy, na marökoröko.

Eo koa rahamaniry lanin-kaka na feno pentimpentiñy jöby .

Na koa faritry rahamaniry ahitaña atodin'ny biby madiniky.



***Tsy mitsöngo izikoa tsy raha maniry salama e!***

## Ireo tekniky fitsongoaña rahamaniry

### Raviny, Voany ndraiky folëra



Antsasaka raviny , na voany na folërany fo azo alaiñy koa farany be.



Raviny matoe na folëra alaiñy

### Tahony miaraka raviny




Tapahaña amy meso ny tahony, amy fotöran'ny sampañanazy.



Izikoa amy kakazo maventy, amy tendrony angalaña izy.

*Izikoa fa boaka mitsöngo aody, apëtraka moramora añaty gony na lamba matify. Tsy azo tiritireñy fa manjary mañatriaka izy, kay mety hibööo föfony na androbaka izy.*

**Vahatra**




...izikoa kakazo maventy, miala mëtra araiky amy vatabe-n’ny kakazo fo anapahaña.


2. Vahatra madiniky alaiña.

3. Totofaña fötaka tany avy nangalaña izy.

**Ho an’ny hoditry kakazo**


Faritiñy matifitify amy meso ‘zay raha alaiñy aviö didiaña.

Tsy azo voasaña mañodidiñy vatabe ny kakazo.



## Ino tokony atao izikoa  fa vita fitsongoaña?

Tsara izkoa fa tonga de mody edÿ, salakady tsy apetraka




***Tandremà!*** *Tsy azo atao mampiasa aody voatsöngo nipetraka nihoatran'ny andra aroe, 'zay mivadiky moazÿ, fa tsy maintsy atapy amy fomba manokana mba hitanàña heriny.*

## 2- INO MA DIKANY FANAPAISAÑA AODY AZO BOAKA AMY RAHA -MANIRY?

*Mba hampiheñy na hañadosoaña rano añaty ravin-draha voatsöngo.*

Izikoa mitsöngo na mangala rahamaniry araiky kanefa tsy atapy mety manjary montraka, robaka. Dikan'izeñy, fizarany jiaby (vahiny, hodiny, raviny, folërany, voany) izikoa voatapaka manjary robaka izikoa tsy atapy añatin'ny andra aroe boaka nitsongoeña izy.

**TANJOÑO**

Mba hahafahaña mañakajy izy añatin'ny fanjava maromaro na taoño, mba hahafahaña koa mitana angövony, asany jiaby 'zay mampajanga ny marary.




A- Hampiasaña izy mandavan-taoño na maharitry

B- Ahafahaña mañamboatra aody tsotra boaka amy rahamaniry nakajiaña .

**TEKINIKY FANAPESAÑA RAHAMANIRY ATAO AODY**

Miankiñy amy karazany raha atapy ny tekiniky ampisaiñy, kay izikoa izy mateviñy karaha vahatranazy: atapy amy masoandra; fa izikoa matify karaha 'ry folëra ndraiky raviny matify: atapy amy tany maloko na atao añaty trano « séchoir ».

**Vahatra ndraiky oditry kakazo**




Tapatapahaña madinidiniky. Boaka iö atapy amy taniñandra fa ampidiriñy antrano isaka ariva. Farañana amy fanapaisaña izy amy traño fanapaisaña (Séchoir) afaka 2 na 3 andra.

**Raviny, folëra, tahony miaraka raviny**


Atapy amin'aloko fa tsy amy taniñandra na séchoir, satria möra robaka (atao añaty traño fanapesaña, na atao añabo talatala).



## MANAPY RAHAMANIRY AÑATY TRAÑO FANAPESAÑA NA “SÉCHOIR”



## Fömba fanapesaña aody




## Fomba ahaizaña fa maiky aody natapy



## TSARA HO HAY izikoa fa hanapy aody



## 3- TSARA HO HAY MÖMBA FIKAJIAÑA AODY MAIKY

Koa ëfa maiky tsara aody, ampidiriñy añaty sase. Ilaiñy famoñosaña aody, ndraiky atao tsara kajy mba ampataiza izy ndraiky ampaharitry angövon'ny aody ampiasaiñy.





**Lalàña mifehy  fikajianaña aody maiky**

FAHADIOVAÑA : MPIASA\ FITAOVAÑA\ AODY

FAHAMAIGNAN'NY AODY NDRAIKY FITAOVAÑA

FAHAIZAÑA TRIAZY : 'ZAY TSARA FO ALAIÑY

## Fampidiraña aody añaty sase

**TRIAZY**

- Adoso boaka iö ariaña irö ‘zay ratsy na robaka

**FAMPIDIRAGNA AGNATY SASE**

Ampidiriñy môramôra añaty sase ‘zay aody tsara, tandremaña mba tsy ho törotöro na potipotiky.
Afody na koleña amy labozy ny sase

**ETIKETY**

Asiaña etikety amy sase arakaraka aody natao añatiny fo sorataña, miaraka amy daty nañamboaraña izy ndraiky fomba fampiasaña izy.


**FITEHIRIZAGNA**

Apetraka amy toeraña voatokaña ikajiaña aody ny sase misy aody vo namboariñy, ‘zay toeraña madio, maiky tsara ndraiky tsy azon’ny masoandra.

## Fepetra arahiñy amy fikajiaña rahamaniry maiky añaty sase

| FITAOVAGNA | FITANDREMAGNA | FAMODIAGNA SASE | FAHADIOVANA |
|---|---|---|---|
| • Sase na gony madio tsara | • Tsy potehigny<br>• ampidirigny moramora | • Afody malaky ny sase rehefa tafiditry ny zavamaniry ary tsy azo sokafigny matetiky fa idiran'ny mikraoby na laposiera | • Tsy maintsy madio na ny mpiasa, na ny fitaovana, na ny toerana. |

## Raha tokony ho hita amin'etikety



**Jardins du Monde** dia fikambanaña frantsay araiky, nioriñy teto

Diego Suarez nanomboko tamin'ny taoño 2003. Tanjoño napetrany ny hañatsaraña toe-pahasalamañan'ny mponiñy ‘zay tsy ampy

fahafahaña na tsy afaka misitraka fitsaboaña amy dôkotëra, hita amy fañamezaña lanja irö ravin-draha fatao aody ho an’ny fahasalamañan’ny mpiara-beloño.

Ireto aby irö asa ataon’ny Jardins du Monde :

* Mañampy vahoaka amy fampahafantaraña ndraiky fampiasaña ireö karazaña kakazo maniry fatao aody mba hitsaboaña teña : fañintanaña miaraka fampianaraña vondrom-piarahamoniñy misy antanàna ao; famokaraña zana-pandaharaña amy radio,

fanamboaraña boky fampianaraña ndraiky karazaña torolàlaña

* Mañampy vahoaka biaka mba hisitraka zisky ëla fömba fitsaboaña teña: famboliaña kakazo, fananganaña tany famboliaña iraisaña ho an’ny fokonolo ndraiky ho an’ny sekoly, fañintanaña ndraiky

fanabeazaña ara-tontolo iaiñana, fampiofanaña mömba famboliaña mañaja tontolo iaiñana.

* Mañamafy fifandraisaña ëfa misy amin’ny fitsaboaña dôkotera ndraiky fitsaboaña amy fömban-drazaña: fampiofanaña mpiasan’ny fahasalamaña, añatiny zeñy irö amy löpitaly marikitry vahoaka añy, irö mpañentaña ara-pahasalamaña, mpianatra ho mpitsabo mpañampy ; fañampiaña ara-pitaovaña ho an'ny lôpitaly; fañisàña ndraiky fampiofanaña irö mpitsabo mampiasa fömban-drazaña.

**Misaotra ny mpiara-miasa :**

*Edition 2025*

Valorisation des plantes médicinales
et médecine traditionnelle
dans la santé communautaire

Lot 36 Cité BTM SCAMA
Antsiranana

madagascar@jardinsdumonde .org
www. Jardinsdumonde.org

+261 32 46 048 43